# Ilay Voa Tsara Nafafy 26 Novambra 2018

# 26 Alatsinainy novambra

***(Hoy Jesosy :)* Tsy ny finaritra no mila mpanao fanafody, fa ny marary… Fa tsy tonga hiantso ny marina Aho, fa ny mpanota.** Matio 9. 12, 13

**Ny fahasoavan'ny Filazantsara**

„Ny fahasoavan'ny Filazantsara, fahasoavana saro-takarina aoka izany, dia mametraka antsika manoloana ny fahamarinana, ary milaza amintsika hoe : Mpanota ianao, kanefa afaka manatona an'Andriamanitra, Izay tia anao. Tiany ho Azy ianao, araka izao toetranao izao, tsy mila manao na inona na inona, tsy mila manome na inona na inona. Ianao mihitsy no tadiaviny, ianao irery… Tonga Andriamanitra, nanatona anao mpanota, mba hamonjy anao. Mifalia ianao. Ambaran'Andriamanitra aminao ny fahamarinana, ka manafaka anao izany. Tsy afaka miafina ianao, eo anatrehany. Tsy misy dikany, eo anatrehan'Andriamanitra, ny sarontava anaovanao eo anoloan'ny olona. Te hahita anao amin'izao maha ianao anao izao Andriamanitra… mba hamindrany fo aminao." *(araka an'i D. Bonhoeffer)*

Angamba ianao vesaran'ny fahatsiarovana ny ratsy nataonao tamin'ny hafa sy tamin'ny tenanao ? Henoy ny hafatry ny Filazantsara, ny fahasoavan'ny Filazantsara. Andriamanitra dia mankahala ny ota, fa tia antsika kosa, tia antsika olombelona, na eo aza ireo laingantsika, ny famelezana am-pitaka ataontsika, ny tsy fahamarinantsika, ny herisetrantsika. Nahatratra antsika rehetra ny ota. Mety hatosiky ny ota isika hanao lainga tsotra fotsiny, mahatonga antsika tsy hahazo aina. Na koa manjary mibahana ao antsaintsika ny ota ka mikiky, mangeja ary manindry antsika.

Na izany na tsy izany, rehefa miteny amintsika io feon'ny fieritreretana io, dia aoka horaisina ho tena zavadehibe : mampahatsiahy antsika mantsy izy fa manan-ko lazaina amintsika Andriamanitra. Ary aoka tsy hohadinontsika fa Andriamanitra irery ihany no mahay manadio antsika ho afaka amin'ny fahotana.

*Amin'izao toetrako izao, tsy manana na inona na inona*
*Afa-tsy ny ranao nalatsaka hamonjena ahy*
*Sy ny feonao miantso ahy hanatona Anao,*
*Ry Zanak'ondrin'Andriamanitra, inty aho.*